# Andro Fiaraha-mivavaka
# sy Fifadian-kanina Isan-telovolana

***Miomana ho amin'ny Toe-javatra Farany:***

*Miomana Amin'ny Alalan'ny Vavaka*

Boky Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra

Telovolana 1 – Taona 2024

Sabata 6 Janoary 2024

## Antso Ho Amin'ny Vavaka

Miaina ao anatin'ny fotoana farany amin'ny tantaran'ny tany isika. Efa mby akaiky ny fiverenan'i Jesosy, ary tsy maintsy vonona isika. Tsy safidy ny fanemorana ny fiomanana ataontsika. Raha tena tia an'i Jesosy ianao ary maniry mafy ny fiverenany, dia izao no fotoana hiomanana. Araka ny voalaza ao amin'ny Hebreo 3:15, "Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo."

Matetika isika no miresaka momba ny Fihaviana Fanindroany sy ny maha-zava-dehibe ny fahaterahana indray, ny fitiavana an'i Jesosy ary ny fampielezana ny filazantsara. Na izany aza, mora ny hahatonga antsika ho variana amin'ny fiainana andavanandro sy ireo laharam-pahamehana hafa. Ny tetik'i Satana dia ny hihazona antsika ho variana loatra ka hanadino ireo fotoan-tsarotra ireo ary tsy hiomana. Fotoana manan-danja tokoa izao, ary tsy afaka ny hanana laharam-pahamehana hafa isika. Ankehitriny, mihoatra noho ny hatramin'izay, dia fotoana hiomanana!

Tsarovy ny dian'i Jesosy niaraka tamin'ny mpianany nankany Jerosalema. Nilaza mialoha tamin'izy ireo Izy ny amin'ny fahafatesany tsy ho ela, hafatra izay nozarainy tamin'izy ireo nandritra ny telo taona. Na dia nihaino Azy aza ireo mpianatra dia tsy nahatakatra izany, variana tamin'ny eritreritra fampiononana, hery sy fahefana ary fanafahana tamin'ny fitondrana Romana. Tsy afaka nahafantatra ny tena hafatra marina nentin'i Jesosy izy ireo.

Toy izany koa, na dia mandeha any am-piangonana sy mamaky Baiboly aza isika, moa ve tsy tena ampy ny fahatakarantsika ny hafatra ampitain'Andriamanitra? Moa ve isika, tahaka ireo mpianatra, tsy mihaino fotsiny izay tiantsika ho henoina? Mazava ny hafatr'i Jesosy hoe: "Ho avy faingana Aho." Matetika anefa isika no mivavaka mba hahazo ny zavatr'izao tontolo izao, ka tsy miraharaha ny fahamaikan'ny hafatra toriny.

Manantitrantitra i Jesosy fa tsy fotoana izao hanaovana laharam-pahamehana ny zavatry ny tany; fa fotoana hiomanana ho amin'ny fotoan-tsarotra farany izao. Velona amin'ny vanim-potoan'ireo trangan-javatra farany ireo isika, ka vavolombelon'ny fahatanterahan'ny faminaniana. Matetika anefa no any amin-javatra hafa no ifantohantsika.

Teo amin'ny Tendrombohitra Oliva dia nitolagaga ny mpianatra rehefa nahita ny hakanton'i Jerosalema, ka tsy nahalala akory ny faminanian'i Jesosy momba ny fandravana ny tempoly. Tsy azo eritreretina ny fisian’izany ho azy ireo ; ny fandravana ny tempoly dia tandindon'ny fiafaran'ny fireneny ary, araka ny eritreritr'izy ireo, izao tontolo izao mihitsy. Nanontany an'i Jesosy mikasika ny famantarana ireo zava-hitranga sy ny fiafaran'izao tontolo izao izy ireo (Mat. 23:3).

Tsy nanomboka tamin'ny famantarana ara-batana toy ny horohoron-tany na ady akory Jesosy. Fa nanomboka tamin'ny fampitandremana mba ho mailo ary namarana izany tamin'ny fiangaviana maika mba hiambina sy hivavaka. Nofariparitany ho toy ny fotoan-tsarotra tsy mitsaha-mitombo ny fotoanan'ny farany, mitovy amin'ny fanaintainan'ny fahaterahana, manenika ny fon'ny olona sy ny sain'ny olona.

Nolazainy ny momba ny kristy sandoka sy ny mpaminany sandoka ary ny fampianaran - diso, dia olana tsy nisy toa azy teo amin'ny tantaran'ny tany. Na izany aza, dia tsy ho tonga ny farany raha tsy efa tonga any amin'ny firenena rehetra ny filazantsara. Nampirisika azy ireo Izy avy eo mba ho vonona.

Ahoana àry ny fomba hanaovana izany ?

Tsy maintsy mitandrina ny amin'ny fampianaran - diso isika, satria mety ho voafitaka na dia ny mpivavaka be indrindra aza. Hamitaka na dia ny olom-boafidy aza i Satana. Iza izany? Ianao, izaho, ireo izay mamaky Baiboly, ireo mivory ao am-piangonana isaky ny Sabata, ireo izay mihira amin'ny alarobia hariva fianarana Baiboly. Inona àry no tokony hataontsika? Hoy i Jesosy: "Mitandrema, miambena ary mivavaha."

Ny vavaka sy ny Tenin'Andriamanitra no fanalahidin'ny fiaretana. Rehefa niatrika ny fakam-panahin'i Satana i Jesosy dia namaly tamin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ao amin'ny Baiboly ny fiarovantsika amin'ny lainga sy ny hevi-diso. Ny torohevitr'i Jesosy dia ny mba hiambenana hatrany, hivavaka, hanalavitra ny zavatra mahavarimbariana, ary hifantoka amin'ny Tenin'Andriamanitra. Nohazavainy tamin'ny alalan'ny fanoharana dimy izany fiomanana izany (Mat. 24:32–25:46), izay manantitrantitra avokoa ny fitandremana, ny vavaka, ny fianteherana amin'ny Soratra Masina ary ny fanatanterahana ny iraka nampanaovin'Andriamanitra antsika.

Noho izany, andeha isika hihaino ny antson'i Jesosy: mivavaka, miambina, miorina mafy amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary manompo amim-pahavitrihana amin'ny fampiasana ny talenta nomeny antsika.

## Ahoana Marina No Hiomananao
## Amin'ity Fotoan-Tsarotra Farany Ity?

**Zava-dehibe efatra: Mivavaka, miambina, mandalina ny tenin'ny Soratra Masina, manompo**.

Amin'ity telovolana **voalohany** ity ny zavatra ifantohantsika dia ny iray amin'ireo zava-dehibe efatra ireo : ny VAVAKA.

"Mivavaha ka aza mitsahatra" - 1 Tes. 5:17.

Mihazona fifandraisana tsy tapaka; mivavaka tsy tapaka, "Mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy" (Efes. 6:18). Tsy midika izany hoe miala amin'ny asa, ny sekoly, ny fanaovana zaridaina, na ny fiantsenana. Midika izany fa mifandray tsy tapaka amin'ilay Loharanon'ny hery sy ny fahendrena rehetra na aiza na aiza misy anao, na inona na inona ataonao. Nasongadin'i Jesosy ao amin'ny Jaona 15 izany ary manasongadina ny maha-zava-dehibe ny fitoerana ao Aminy.

"Ny hany fiarovana amin'ny ratsy dia ny fitoeran'i Kristy ao am-po ... Raha tsy manana fifandraisana velona amin'Andriamanitra isika, dia tsy ho afaka na oviana na oviana hanohitra… » (*IFM, 340)*

Zava-dehibe ny fandehanana any am-piangonana, toy izany koa ny tsy fanaovana tsinontsinona ny fivoriantsika. Amin'ny fomba hafa ahoana koa moa no ahafahantsika mifampahery, mifanohana, manorina fisakaizana, mandray anjara ary manompo raha toa ka mitokantokana isika? Satana anefa dia tsy taitra amin'ny fandehanantsika any am-piangonana, na ny fahafantarantsika ny foto-pinoana, na ny fahazarantsika mihinana sakafo mahasalama. Ny tena mampatahotra azy dia ny vavaka ataontsika. "Amin'ny fandrenesana vavaka amin-kafanam-po dia mangovitra i Satana sy ny miaramilany rehetra" (*Counsels for the Church*, *p. 319*).

Tsy maintsy mampitombo bebe kokoa ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra isika, matoky Azy ary mitoetra ao Aminy. Izany no fomba hiomanantsika amin'ny ady farany.

Rehefa mivavaka isika dia very ny fahefan'i Satana amintsika. Tsy irery isika; Miaraka amin'Andriamanitra isika ary miaraka amintsika Izy. Izy no fiarovana antsika, mpiaro antsika, Vatolampintsika, Fiarovana azo antoka. "Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra" - Kol. 1 :27

Miezaka Satana ny hampiala antsika amin'ny vavaka, hamilivily antsika tsy hifandray tsara amin'Andriamanitra.

Ny fiheverana fa tsy ilaina ny vavaka dia iray amin'ireo fitaovana mahomby indrindra ampiasain'i Satana. Ny vavaka dia fiombonana/fifandraisana amin'Andriamanitra, Loharanon'ny fahendrena, loharanon'ny hery, loharanon'ny hery sy fiadanana ary fahasambarana" (*Child Guidance*, *p. 518)*.

"Romotra Satana raha mandre vavaka amin-kafanam-po, satria fantany fa hiatrika fahaverezana Izy" (*Testimonies for the Church, vol. 1, p. 295).*

Zava-dehibe tokoa ny vavaka eo amin'ny fanavahana ny asan'Andriamanitra sy ny asan'i Satana, ny tena marina sy ny fakan-tahaka. "Mankanesa eo amin'Andriamanitra sy ny Teniny, mivavaha mba hahazo fahazavana avy amin'Andriamanitra, mba hahazoanareo manavaka ny tena asan'Andriamanitra sy ny fakana-tahaka ataon'ny asan'ny maizina" (*Selected Messages, vol. 3, p. 389*).

Mivavaha ary mitoera ao Aminy, aza misaraka amin'Andriamanitra. Mandehana ary miresaha Aminy toy ny hoe efa any an-danitra ianao; mitoera eo anatrehany. Araka ny anambaran'ny hira anankiray mitondra ny lohateny hoe "In The Garden" (#487) amin'ny fomba kanto ny hoe: "Ary miara-mandeha amiko Izy ary miresaka amiko...". Toy izany koa "ny endriky ny sy vehivavy miresaka amin'Andriamanitra, izay miaina toy ny mahita maso ny tontolo tsy hita maso, dia maneho ny fiadanan'Andriamanitra; entin'izy ireo miaraka amin'izy ireo ny rivo-piainan'ny lanitra" (*Medical Ministry*, *p. 252*).

Tsy ny vavaka mahazatra na vokatry ny toe-java-tsarotra no resahina fa ny fihazonana fifandraisana tsy tapaka amin'Andriamanitra. Ny saintsika sy ny eritreritsika dia tokony hifantoka mafy Aminy, ka hanao vavaka an-kitsim-po sy amin-kafanam-po. "Ilaina ny

vavaka amin-kitsim-po kokoa, amin-kafanampo kokoa, feno fitlahoana toy ny efa ho faty" (*Gospel Workers, p. 92*).

Ny vavaka dia tokony ho fomba fiainana, fa tsy fahazarana na hetsika fotsiny. Ny vavaka no ain'ny fanahy. Izany no tsiambaratelon'ny hery ara-panahy... Izay manao tsinontsinona ny vavaka na manao an-tsirambina ny fampiasana/fampiharana ny vavaka, na ny fanaovana vavaka amin'ny fomba tsy misy dikany, dia manapaka ny fifandraisana amin'Andriamanitra " (*Prayer, p. 12*).

Mivavaha tsy tapaka, amin'ny fanaovana izany amin'ny fomba voajanahary/mandeha ho azy toy ny fisefoana. Ialao ny vavaka maimaika; fa kosa mandania fotoana tsara kalitao miaraka amin'Andriamanitra. "Maro ny olona, na dia amin'ny fotoana manokana hisaintsainana aza, no tsy mahazo ny fitahiana avy amin'ny tena fiombonana amin'Andriamanitra, Maika loatra izy ireo. Amin'ny fahamaikana no androsoany mamakivaky ny faribolan'ny fanatrehan'i Kristy be fitiavana, ary mety miato kely angamba ao anatin'ireo faritra masina, fa tsy miandry torohevitra. Tsy manam-potoana hijanonana miaraka amin'ilay Mpampianatra Masina izy ireo. Miverina amin'ny asany izy ireo miaraka amin'ny enta-mavesany teo aloha ihany" (*Education, p. 260)*.

Antsoina isika hanahaka an'i Jesosy amin'ny fanokanana ny tenantsika amin'ny fivavahana, ka ho zatra mivavaka tsy tapaka. Tena zava-dehibe iankinan'ny aina ny vavaka; mitondra hery sy fiadanana izany.

« Ny vavaka no ain'ny fanahy. Io no tsiambaratelon'ny hery ara-panahy. Ny vavaka dia mampiray ny fo sy fanahy avy hatrany amin'Ilay Loharanon'ny fiainana. Izay manao tsinontsinona ny vavaka na manao an-tsirambina ny fampiasana/fampiharana ny vavaka, na ny fanaovana vavaka amin'ny fomba tsy misy dikany, dia manapaka ny fifandraisana amin'Andriamanitra " (*Hafatra ho an'ny Tanora, 131)*

"Ny vavaky ny finoana no hery lehiben'ny kristianina, ary azo antoka fa handresy an'i Satana" (*Evangelism, p. 609*).

Ny vavaka dia singa manan-danja amin'ny fiomanana ho amin'ny fotoan-tsarotra farany sy ny fidirana any an-danitra, ary tokony hanomboka anio izany. Ny vavaka dia tsy hoe fangatahana fanampiana na fitahiana fotsiny fa fitadiavana fifandraisana amin'Andriamanitra.

Aza mihevitra ny fifadian-kanina ho fahazoana valim-bavaka na fitahiana fotsiny fa mba hihainoana ny feony. Ny fifadian-kanina dia tokony ho fotoana hanadiovana ny saintsika, hahafantarantsika bebe kokoa an'Andriamanitra, hifantohana Aminy, ary hamenoana antsika amin'ny fanatrehany sy ny heriny ary ny fahendreny. « Ankehitriny, ary mitohy hatramin'ny andro farany, ny olon'Andriamanitra dia tokony hazoto kokoa, hifoha kokoa, tsy hitoky amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'ny Mpitarika azy. Tokony *hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana* izy ireo" (*Counsels on Diet and Foods, pp. 188, 189)*.

"Tsy misy zavatra tena atahoran'i Satana fatratra afa-tsy ny vahoakan'Andriamanitra manadio ny làlana amin'ny alalan'ny fanesorana ny sakana rehetra, mba hahafahan'ny Tompo mandrotsaka ny Fanahiny amin'ny fiangonana reraka sy ana fatratrasy ny fiangonana tsy mibebaka" (*Hafatra ho an'ny Tanora, 69*).

"Raha ny Mpamonjy ny olombena, niaraka tamin'ny heriny masina maha-Andriamanitra Azy, no nahatsapa ny filàna vavaka, tsy mainka va fa ny olombelona mpanota, no tokony hahatsapa ny ilàna ny vavaka - vavaka amin-kafanam-po sy tsy tapaka! ... Ireo izay mitory ny fahamarinana amin'izao andro farany izao, mihoatra noho ireo sokajy rehetra mitonona ho Kristianina, dia tokony hanahaka an'ilay Modely lehibe amin'ny vavaka koa,." (*Counsels on Diet and Foods, p. 52*)

Andriamanitra dia miantso antsika ho amin'ny vavaka, izay singa tena ilaina sy iankinan'ny aina amin'ny fiomanana ho amin'ny fotoan-tsarotra farany.

## Lohahevitra ho amin'ny Sabata
## sy Soso-kevitra momba ny Fandaharam-bavaka

**Tari-dàlana ho an'ny Mpitarika**

- **Hevitra ho amin'ny programa atao ny Sabata maraina**: Asao sy ampirisiho ny mambra mba hanao izany ho andro manokana hivavahana. Tokony hifantoka amin'ny vavaka ny toriteny.

- **Tantara ho an'ny Ankizy**: Asongadino ny maha-zava-dehibe ny vavaka sy ny filàna fifandraisana tsy tapaka amin'Andriamanitra.

• **Fandaharam-bavaka amin'ny tolakandro**: Mihaona amin'ny fiangonana iray manontolo, na ao anaty vondrona ao amin'ny efitrano mampahazo aina, na ao an-tranon'ny olona iray. Raha tsy azo atao ny fivoriana mivantana, dia azonao atao ny mampiasa video toy ny Zoom na mihaona amin'ny telefaonina na sehatra hafa.

• **Fotoam-bavaka**: Alohan'ny hanombohanao ny fotoam-bavaka dia zarao amin'ny vondrona ireo an-dalan-teny voatanisa etsy ambony sy ireo andinin-tSoratra Masina ary teny notsongaina avy amin'ny Fanahin'ny

## Soso-kevitra momba ny Fandaminana ny Andro Fiaraha-mivavaka:

• Manoro hevitra izahay ny hanaovana fandaharam-potoana farafahakeliny adiny roa ho an'ny vavaka amin'ny tolakandro. Mety misy ho tia miara-mivavaka mandritra ny tolakandro manontolo ny sasany.

• Ny ankamaroan'ny fotoana dia holaniana amin'ny vavaka iombonana, saingy raha azo atao dia mety hizarazara ho vondrona na tarika kely kokoa ianareo mba hangataka vavaka manokana kokoa. Ento miverina ny vondrona na tarika mba hiara-mamarana ny fotoana amin'ny fisaorana.

• Ankizy mivavaka: Manàna faritra manokana ho an' ny ankizy madinika ary manendre olona iray mba hiahy azy ireo mandritra ny fotoam-bavaka. Ny ankizy koa dia azo ampidirina amin'ny foto-kevitra tsotra momba an'Andriamanitra sy ny vavaka tsotra mandritra ny "fotoana ilalaovana."

• Asao ny namana sy ny fianakaviana.

• Ataovy vonona ny zavatra rehetra ho amin'ny fotoam-pivavahana. Omano mialoha ny hira.

• Makà fotoana manokana ho an'ny sakafo hariva sy ny fijoroana ho vavolombelona. Angataho ireo mpandray anjara mba hitondra sakafo maivana na vilany. Manampy amin'ny fanorenana fanahin'ny fiaraha-monina ny fizarana sakafo sy fifampiresahana am-pirahalahiana aorian'ny vavaka.

• Avelao ny Fanahy Masina hitarika ny drafitrao.